# Ny penisetaoma (*Pennisetum purpureum*) amin'ny fahavaratra



## 1. Toetra

Vilona giraminea tropikaly, maharitra taona maro, haingam-pitombo sy mamokatra be ny penisetaoma. Izy no vilona be mpamboly indrindra eto Madagasikara ka ny karazany Kizozi sy Relaza ary Cala no tena fampiasa.



## 2. Tombotsoa

Vilona tena mety indrindra ho amin'ny fanapahana ho any am-bala ny penisetaoma. Manome lanja maina betsaka ao anatin'ny fotoana fohy raha ampy ny orana sy ny fahalonahan'ny tany. Maniry tsara amin'ny tany asidra ary mbola mandravina amin'ny fiandohan'ny maintany amin'ny toerana maneri-dava. Azo atao otri-bilona indrindra raha afangaro amin'ny katsaka. Miaro ny nofon-tany sy ny sisimboly amin'ny fikaon'ny riaka.



## 3. Toerana fambolena

Maniry tsara amin'ny karazan-tany rehetra raha ampy ny fahalonahana ary tsy manangon-drano. Maniry amin'ny tany manana pH 4.5-8.2, anelanelan'ny 0 ka hatramin'ny haavo 2000m. Volena somary matetika amin'ny toerana misolampy hiarovana amin'ny fikaon'ny riaka.



## 4. Fikarakarana ny tany

Ny penisetaoma dia tsy mila dolomita loatra satria mahatanty tany asidra kanefa mitaky tany lonaka mba hamokarany be.

- Atao lalina ny asa (20-25sm) ary potehina ny bainga 15 ka hatramin'ny 30 andro mialoha ny fambolena
- Atao ambany asa ny dolomita sy ny zezi-pahitra masaka tsara
- Mitondra zezika NPK 11-22-16 amin'ny fotoam-pambolena




## 5. Fandonahana


- Dolomita : 0 - 10kg/ara
- Zezi-pahitra : 200-300kg/ara
- Zezika NPK 11-2-16 : 3 - 4kg/ara, tokony mitondra faosiforo betsaka amin'ny tany tena asidra be

*Fifamanor septembre 2008*

## 6. Fambolena

Volena misompirana ny zana-taho misy masony telo (masony roa misitrika, ny masony iray mikasika amin'ny tany), atao mielanelana 0,4m x 0,4m (62500 zana-taho/ha) rehefa ampy ny famandoan'ny tany (tapaky ny volana novambra-volana febroary). Afaka mampitombo amin'ny alalan'ny zana-bilona ihany koa. Atao matetika ny fambolena (0,25m x 0,25m) (250 000 zana-taho/ha) eny amin'ny sisim-boly. Ny halalin'ny tatatra fambolena dia 4sm. Amin'ny voly efa hamelana fa mbola maitso taho no hakana ny zana-taho.




## 7. Fikojakojana

- sorohina matetika ny ahitra mandritra ny taona voalohany mba hihazonana ny vokatra azo.
- soloina ny zana-taho na zana-bilona tsy naniry aorian'ny orana
- mitondra zezika orea (1kg/ara) aorian'ny fanapahana afa-tsy amin'ny farany. Ny fitondrana ranon-jezika fanampiny dia mampitombo ny vokatra.
- mitondra zezika NPK sy zezi-pahitra (fatra tsy miova) isaky ny fiandohan'ny taom-pambolena

## 8. Fanapahana

Tapaho ny vilona isaky ny 6 ka hatramin'ny 8 herinandro araka ny fahalonahan'ny tany sy ny firotsahan'ny orana. Ny haavon'ny penisetaoma dia tsy tokony hihoatra ny 1,2m mba hifandanja tsara ny raha maina sy ny otrik'aina azo. Tapahina 2-3sm miala amin'ny tany amin'ny fotoam-pahavaratra ary 10sm amin'ny main-tany mba hampalaky ny fitsirina. Rehefa mihoatra ny 1,5m ny haavony dia tokony atao otri-bilona mifangaro amin'ny katsaka.

| Karazany | Vokatra isan-taona | | Otrik'aina (elanelan'ny fanapahana : 5-7 herin'andro) | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | MS (t/ha) | UFL $10^3$/ha | UFL /kg MS | MAT % MS | PDIE g/kg MS | PDIN g/kg MS |
| Kizozi | 8-65 | 5,6-46 | 0,71 | 15,1 | 99 | 108 |
| Cala | 6,5-80 | 4,5-56 | 0,70 | 17,4 | 99 | 123 |
| Relaza | 8-85 | 5,6-59 | 0,70 | 15,4 | 90 | 108 |

MS = lanja maina (LM) ; UFL= ventin'ny hery isaky ny kg/LM ; MAT = fatran'ny azota rehetra (%LM) ; PDIN, PDIE = fatra ny proteina levona ao anaty tsinay (g/kg LM) voakajy araka ny azota sy ny hery ao anaty vilona ary hampifandanjana araka ny fatra-tsakafo.